

Ny fomban-drazana sy ny fampandrosoana ny firenena

Razafiarivony Michel

Maître de conférences
Institut de Civilisations / Musée d'Art et d'Archéologie
Isoraka, Antananarivo

Fintina

Amin'izao ady amin'ny fahantrana atrehin'ny Firenena izao, ka hampandrosoana ny fiainan'ny olona manontolo sy ny olona rehetra, dia mampieritreritra ny anjara toerana tokony homena ny fombandrazana. Fanontaniana telo no hovahavahana eto hiezahana hamahana izany olana izany.

Vodohany dia ny famaritana ny atao hoe fomba. Io dia toe-javatra vokatry ny fiarahamonina amin'ny vanim-potoana iray voafetra. Ao anatin'ny tontolon'ny Saina izy, ary tsy hoe zavatra raikitra tsy mihetsika akory, fa miara-mivoatra amin'ireo rafitra hafa eo amin'ny fiarahamonina toy ny fifampifehezana, fanabeazana ary famokarana.

Faharoa, ny fiheveran'ny Malagasy ny fomba. Lazain'ny olona fa ny fomba, ny fombandrazana no maha Malagasy ny Malagasy. Io maha Malagasy io anefa, noho ny tantara, dia toa mijanona any alohan'ny nidiran'ny vahiny tandrefana (taon-jato faha-19) na ny finoana kristiana, fa indrindra talohan'ny fanjanahan-tany no fiheverana azy. Dia manembona izany fotoana izany ny olona ka tsy manana fahatokisan-tena loatra hiady, hiatrika ny ankehitriny sy ny ho avy. Tsy ampy ny fahatsiarovan-tena ho olon'ny Firenena Malagasy.

Fahatelo, ny fampiasana ny fomba amin'ny fiatrehana ny fampandrosoana ankehitriny. Ny fampandrosoana ny Firenena dia tsy an'ny mpitonundra fotsiny na an'ny sarangan'olona iray, fa an'ny olom-pirenena rehetra. Koa ilaina ny olona tsirairay hanana fahatsiarovan-tena ho Malagasy tompon'andraikitra, manana ny maha izy azy. Manampy amin'izany amin'izao fotoana izao ny fombandrazana ka ilaina ny fanalalahana azy. Tandremana anefa fa ny tena kendrena dia ny fampivelarana ny sain'ny tsirairay mba hahay handinika, ho sahy hisfaninana sy hamorona, fa tsy hiverina amin'ny fahiny akory. Noho izany, ny fampivelarana ny kolotsaina rehetra (isan'izany ny Sekoly), dia tokony harindra tsara, ary hampisanarahana mandrakariva amin'ny tetika hampandrosoana ny toekarena sy ny rafitra samihafa ao anatin'ny fiarahamonina. Izay no antoka amin'ny fampandrosoana marina sy maharitra ary feno ny Firenena

Abstract

In the present context where the Malagasy Nation really tries to combat poverty, one wonders on how traditional customs should be considered. In order to solve the problem, we propose to answer the following questions :

- What is a custom ?

- What do traditional customs means for Malagasy people ?
- How can customs develop a country ?

A custom is a society's way of expressing herself at a certain stage of her development. It evolves according to the changes in this society, and this evolution is closely linked to the evolution of the three levels of the existing society : Ideology, Juridical and political structure and economical infrastructure.

Two events in the history of Madagascar have greatly shaken the personality of Malagasy people who really felt uprooted : first the coming of the christian missionaries from Europe in the XIXth Century, and second the colonisation which has completely stopped the « inner » development of the society. Thus, traditional customs which are supposed to have been created before these two periods are considered as the true expression of the Malagasy cultural identity. Consequently, so many Malagasy people think coming back the old days is necessary to become really Malagasy.

In front of this reality, in order to strengthen the notion of responsible citizens, having a national conscience and not any longer tribal or regional which many Malagasy people still have now, traditional customs should taken into consideration and given much value. Each citizen's adherence indeed is really necessary to come to a true national development, because all people's creativity and challenge is required to overcome poverty. It is not the leaders' or a particular class' responsibility. Everybody must be involved. Nevertheless, we must be careful because people may be tempted to go back since customs have been used to liven ancient structures and beliefs.

Valuing the Malagasy culture in general includes taking into account traditional customs. But that is not sufficient. It must go together with the development of the political, social and economic structures, since they are all interdependent.

Résumé

Dans le contexte actuel où la Nation malgache engage réellement la bataille contre la pauvreté, et dans la recherche d'un plein épanouissement de chaque individu dans tous les domaines, la question se pose sur les considérations qu'on devrait porter sur les coutumes ancestrales. Afin de contribuer à la résolution du problème, nous proposons d'apporter des réflexions aux trois interrogations suivantes :

- Qu'est-ce qu'une coutume ?
- Que signifie coutume ancestrale pour les Malgaches ?
- Comment utiliser les coutumes pour le développement du Pays ?

Une coutume est une expression de la société à un stade déterminé de son développement. Elle évolue suivant la dynamique de cette société, et cette évolution est dialectiquement liée à celle des trois niveaux de la formation socio-économique existante : celui des Idées en général, celui des différentes institutions et celui de la production économique.

Deux événements intervenus au cours de l'histoire de Madagascar, à savoir l'entrée des missionnaires chrétiens occidentaux au XIX^e siècle et plus particulièrement la colonisation qui a brusquement interrompu le développement « interne » de la société, ont profondément ébranlé la personnalité de l'homme malgache qui s'est senti déraciné. Aussi, les coutumes ancestrales supposées créées avant ces deux périodes dominées par les étrangers, sont-elles considérées comme la vraie expression de l'identité culturelle malgache, et beaucoup rêvent de revenir aux temps anciens pour être malgache.

Devant cette réalité, afin d'affirmer la notion de citoyen responsable, ayant une conscience nationale, et non plus tribale ou régionale comme il existe encore actuellement chez un grand nombre de la population, il est utile de prendre en compte et mettre en valeur les coutumes ancestrales. En effet l'adhésion de chaque citoyen est nécessaire pour un vrai développement national, et l'esprit de créativité et de concurrence de chaque individu est indispensable pour vaincre la pauvreté. Ce n'est pas seulement une affaire des dirigeants ni d'une certaine classe sociale. Néanmoins, cette attitude mérite de prendre des précautions, car ces coutumes, produites à leur époque dans le but d'animer les structures et les croyances de la société existante, risquent de faire revenir les gens en arrière. Aussi la mise en valeur des coutumes ancestrales, incluses dans la valorisation de la culture malgache en général, pour réussir, doit aller de pair avec le développement des structures politique, sociale et économique de la nation. Le développement des différents niveaux de la société est interdépendant.

Ny maha maika ny ankamaroan'ny Malagasy ankehitriny, na sokajy inona, na saranga inona, ary na ny tanora na ny lehibe, dia ny fampandrosoana ny fari-piaianany, fara fahakeliny ny an'ny tenany sy ny fianakavany, kanefa izany dia mitatra koa amin'ny Firenena ankapobeny. Ary izany rahateo no kendren'ity Fihaonana karakarain'ny Akademia ity. Tsy dia ho faly hivory fotsiny fa mikendry indrindra, mitondra ny anjara birikiny amin'ny fampandrosoan'ny Malagasy ny Fireneny. Izay no antony nifidiananay ny lohateny ery ambony hoe « Ny fomban-drazana sy ny Fampandrosoana ny Firenena ».

Koa izao famelabelarana izao dia tsy hifototra fotsiny amin'ny fijerena ny maha samihafa na mampitovy ny fomba amin'ny faritra na foko samihafa eto Madagasikara tsy akory. Holalovana ihany izany, satria iaraha-manaiky fa na eo aza ny fahasamihafana ivelany sy ny zavatra madinika isan-karazany, dia misy foto-pisainana iraisan'ny fomba isam-paritra. Koa ny tena himasoana eto dia ny fametrahana sy fandinhana ny fomba ao anatin'ny fiarahamonina, ka hampiasana azy amin'ny fampandrosoana ny Firenena. Fanontaniana telo no haroso ka hitadiavana valiny ary hiandrasana ady hevitra amintsika amin'ny farany :

- 1 - Inona no atao hoe Fomba ?
- 2 - Ahoana no fiheverana ny fomba eo amin'ny fiarahamonina malagasy ?
- 3 - Ilaina amin'ny fampandrosoana ny Firenena ankehitriny ve ny Fomba ?

Hovahavhana miandalana ireo dingana telo ireo.

1. Inona no atao hoe Fomba ?

Ho antsika Malagasy, dia mety hanana hevitra maro ny fomba ; manomboka amin'ny zavatra ivelany madinika toy ny fomba fiteny, fomba fitafy, fomba fiasa, sns, ka miampita amin'ny lalindalina kokoa sahala amin'ny fomba fisaina, fombam-pivavahana (fandaharana ny karazam-bayaka samihafa hanéhoana ny finoana), sy ny hafa tsy ary ho voatanisa. Ary ireo dia azo fehezina amin'ny ilay fiteny mampieritreritra hoe « Tsy fomba izany », rehefa milaza toe-javatra, fihetsika na toetra aza izay miala amin'ny mahazatra. Izay efa eken'ny be sy ny maro ihany no « fomba », fa « tsy fomba » raha miavaka na maningana. Raha ovaina ka atao hentitra kokoa ny voambolana, dia ny fiarahamonina no mamestra ny fomba sy ny tsy fomba. Sahala amin'izainy ihany koa ny fomban'ny razana nakambantsika amin'ny hoe « fomban-drazana » mba anondroana ireo fomba fanao manokana iantsoana ny razana. Olombelona

niaina tamin'ny vanim-potoanany no nametraka ireny fomba ireny, tao anatin'ny fiarhamonina nisy azy. Ary rehefa maty moa ny olona amintsika dia natao hoe « lasan-ko razana ». Koa ny fanaony (tsy olona iray na roa akory no ambara amin'izany fa maro, ary nifandimby fa tsy voatery ho indray niaina tamin'ny vanim-potoana iray) dia nanjary fombandrazana, ka tsy ataoao foana fa angatahana fitahiana avy aminy. Raha te hahalala momba ny fomba izany, isan'izany ny fombandrazana, dia tsy maintsy mijery ny fiarhamonina misy an'io fomba io. Ka inona moa ny « fiarhamonina » ?

Voambolana tsy vaovao io fa efa fandre andavanandro. Saingy ankapobeny ihany matetika no fahazoana azy, ary mety manjavozavo ka tsara raha hasiana fanazavana kely hanoritana ny lalan-kizorana. Ny fiandohan'ny faha-20, dia tsy fitambaran'olona tsirairay, *La société n'est pas une somme d'individus*, fa vondrona manokana manana ny maha izy azy, ny lalanany, ny fihetsiny, ny fivoarany. Izany hoe raha manombana fiarhamonina iray, dia tsy ny toetra na ny hevitry ny olona tsirairay ao anatin'ny akory no atambatambatra, fa ny vondrona. Ary ny ankapoben'ny mpandinika ny fiarhamonina koa dia milaza fa misy ambaratongany telo fara fahakeliny ny fiarhamonina raha hatao an-tsary, dia ireto :

- Ny Tontolon'ny Hevitra (ny fisainana rehetra sy ny finoana ka isan'izany ny fomban-drazana) ;
- Ny Tontolon'ny Rafitra isan-karazany (fitondrana, fisampifehezana, fanabeazana, ...);
- Ny Tontolon'ny Famokarana sy ny fiveloman'ny olona.

Isika tsy hiady hevitra hoe iza no lehibe indrindra amin'ireo, iza no tena fototra hiaingan'ny hafa, fa ny hambara kosa dia tsy azo lavina fa misampiakina ireo ambaratonga telo ireo. Mifamatotra tanteraka ireo ka ny firindrany no mampilamina ny fiarhamonina, ary mampandroso ny Firenena na tsy mampandroso azy. Raha tsy mifanaraka ohatra ny rafitry ny fitondrana sy ny toekarena, sady mifanohitra amin'ny fisainan'ny olona, dia korontana no vokany. Ohatra ny manahirana antsika Malagasy amin'izao fotoana izao, dia ny fisainantsika mamikotra amin'ny fihavbanana, izany hoe mitady ny fitoviana sy ny fiarahan'ny mpianakavy; etsy ankilany anefa ny toekarena dia baikon'ny fifaninana sy ny fanandrata ny tsirairay?...Koa sahiran-tsaina ny olona, lany fanahy hoy ny mpisôva na mpandahateny amin'ny Tsimihety.

Sary no voalaza teo amin'ireo ambaratonga azo izarâna ny fiarhamonina. Fa ny zava-dehibe tsy tokony hohadinoina koa amin'ny fiarhamonina, dia izy miaina, miova, mivoatra araka ny fotoana, fa tsy mijanona fotsiny amin'izao, tsy mihetsika amin'ny toerana misy azy tsy akory. Ny anton'izany, dia satria ireo kasingan-javatra ao anatin'ny fiarhamonina dia miova sy mivoatra avokoa noho ny hetsiky ny olombelona miaina ao. Ny atao hoe mivoatra eto, tsy voatery ho mihatsara sy mitombo ihany, fa mety hihalefy na ho levona tanteraka mihitsy, sahala amin'ny olombelona ihany izay teraka, mihalehibe, mihaantitra, dia maty. Mitovy amin'izany ny fomba amin'ny ankapobeny sy ny ataontsika hoe fombandrazana. Misy fotoana mampiroborobo ary misy koa ny mampihena azy, ohatra ny fati-dra izay saika hita tamin'ny foko rehetra teto Madagasikara taloha, nefo tsy fantatra intsony amin'ny faritra sasany ankehitriny. Ary misy koa fomba, na dia mbola eo aza ny fototra dia miova be ny fomba fanatanterahana azy raha ampitahaina amin'ny tany aloha 50 na 100 taona lasa. Iray amin'izany ny famorana na didimpotra eto amin'ny tananân'Antananarivo, vitsy ihany sisa ny maka ranomahery, milanja fary, ...toa ny taloha, eny fa na dia ny mamory fianakaviam-be aza dia tsy atao firy intsony ankehitriny.

Nahoana moa ny miova ny fomba? Inona no mampiova azy? Hovahavahantsika ao amin'ny fizarana faharoa ny amin'izay. Fa miahoza izany, raha fehezina izany ny amin'ny dingana voalohany ity, hamaliana ny fanontaniana napetraka hoe "Inona ny fomba?" dia azo ambara fa ny fomba dia toejavatra iray ao anatin'ny fiarhamonina, fanaon'ny Malagasy iantsoana ny razana. Endriky ny fiarhamonina izy amin'ny vanim-potoana iray voasafitra, kolotsaina miara-dia amin'ireo ambaratonga samihafa, mamelembelona ny olona eo anivon'ireo rafitra isan-karazany, ary manosika ny toekarena. Ka eo anatrehan'izany famariparitana izany âry, ny fanontaniana indray dia "Ahoana no fiheverana ny fombandrazana ankehitriny?"

2. Ahoana no fiheverana ny fomba eo amin'ny fiarhamonina malagasy ankehitriny?

Araka ny voalaza teo aloha, ny fandinhana ny fomban-drazana amin'ny fijerintsika azy eto dia apetraka mandrakariva amin'ny fivoaran'ny fiarhamonina. Ary ny fampandrosoana ny Firenena nokendrena. Ny tsara homarihina dia tantara mitohy ny fiarhamonina. Ny toejavatra hita ankehitriny dia vokatry ny zavineseho omaly sy afak'omaly. Koa raha handinika sy hampandroso ny fiarhamonina malagasy amin'izao fotoana izao, dia ilaina ihany koa ny mitodika amin'ireo vanim-potoana samihafa nodiaviny. Momba ny tantaran'ny fiarhamonina malagasy, dia misy vanim-potoana roa misongadina : ny vanim-potoana nidiran'ny Finoana Kristiana, sy ny vanim-potoanan'ny Fanjanahantany.

Momba ny vanim-potoana nidiran'ny finoana kristiana, dia ny fiarhamonina teto Imerina indrindra no tena jerena eto, fa tsy mitovy ny fivoaran'ny fiarhamonina rehetra teto Madagasikara ka tsy azo atao safobe mantsina avy hatrany. Fantatra moa fa tany am-piandohan'ny taon-jato faha-19 no nahatongavan'ny misionera tandrefana protestanta avy amin'ny London Missionary Society (LMS) teto amintsika, nitory ary nampiorina maharitra ny finoana kristiana, fa tsy vetivety ihany tahaka ireo Portioge katolika tany atsimo tamin'ny taon-jato faha-17. Eny fa na dia nisy fiatoana aza ny asan'ny misionera tamin'ny andron-dRanavalona I, dia azo lazaina fa niorim-paka ny finoana kristiana, ary nanomboka niditra tanteraka teo amin'ny fiainan'ny olona teo amin'ny tapany faharoa amin'io taon-jato faha-19 io. Araka ny voalazan'ny mpandinika dia nisy tokoa ny fizehan'ny misionera nanapotika ny fombandrazana malagasy sasany izay nambarany fa « fomba ratsy ». Ary na ny mikasika ny teny sy ny hira aza, hoy i Françoise Raison-Jourde¹, dia norarâna ireo hira noforonina na nohiraina tamin'ny fingadona malagasy fa nokilasiana ho « ratsy » tsy mendrika ny hatao any am-piangonana. Ary dia izany fihetsiky ny misionera vahiny izany no nanome aina vao, nanamafy orina ny famadihana sy ny karazan-dahabolana sady fampisehoana antsoina hoe Hira Gasy. Misy hiram-pivavahana ao anatin'ny Hira Gasy (henoy ange ilay hira milantolanto atao mandrakariva eo am-panombohana azy), ary misy kabary manana endrika toriteny fitoriana sy fampianarana fitondran-tena miainga amin'ny Baiboly². Tafiditra tao amin'ny fomban-drazana izany ilay finoana vaovao. Nanana hery sy fotoana nahafahany namolaka ny zavabaoao ny Malagasy tamin'io vanim-potoana io, satria ny rafi-panabeazana (tamin'ny alâlan'ny Fiagonana sy ny Sekoly) ihany no teo an-tanân'ny vahiny, fa ny ambaratongam-pahefana hafa tao amin'ny fiarhamonina toy ny rafi-pitondrana sy fomba famokarana, hatramin'ny ampahany amin'ny tontolon'ny Saina aza dia mbola nofehezin'ny Malagasy avokoa. Koa nivoatra miandalana ny

¹ Jereo « Bible et pouvoir à Madagascar au XIXème siècle », F. Raison-Jourde

² Jereo « Ny Renihira amin'ny Hira Gasy, mpitondra hafatry ny fiarhamonina », Randrianah Vololotiana, Asa fikarohana Memoire de Maîtrise

fiarahamonina, nanaraka zotra azo atao hoe ara-dalana, avy ato anatin'ny na nisy aza ny zavatra avy any ivelany. Azo lazaina ho isan'ny fivoaran'ny fiarahamonina teo amin'ny rafi-piarahamonina ny fiakaran'ny Hova, sarangan'olona tsy havan'andriana fa nahazo tanjaka tamin'ny toekarena, teo amin'ny fitondrana Fanjakana tamin'ny alalan'ny Praiminisitra sy ny Minisitra isan-tsokajiny. Fa ny vanim-potoana nandimby izany, ny Fanjanahantany kosa dia tsy mitovy velively amin'izay.

Ny fanjanahantany dia tena mafy fiantraika tokoa ary namela dindo mavesatra teo amin'ny Malagasy, na teo amin'ny olona tsirairay na teo amin'ny Firenena ankabobeny. Ary ny fiarahamonina malagasy manontolo manerana ny Nosy no voakasika eto, fa tsy faritra voafetra toy ny teo aloha intsony. Ny fanjanahantany nanomboka tamin'ny 1896 mantsy dia nanapaka tampoka ilay fivoarana miandalan'ny fiarahamonina, fivoarana noho ny fiovan'ireo kasingan-javatra ao anatin'ny araka ny voalaza tery aloha. Toejavatra avy any ivelany ny fanjanahantany, ary nanova tao anatin'ny fotoana fohy, amin'ny fomba mahery vaika, sady an-tery setra ireo ambaratonga telo nisy tao amin'ny fiarahamonina, fa indrindra ireo ambaratonga roa misy ny rafitry isan-karazany, sy ny amin'ny fomba famokarana na toekarena..

Naodina avy hatrany amin'izay notadiavin'ny fanjanahantany avokoa ny ambaratongam-pahefana sy fisampifehezana rehetra (fizaram-paritra, lalana,...), ny rafi-panabeazana tany an-tsekoly sns. Ny famokarana moa dia mifanaraka amin'izay rahateo : nohafahana ny tsirairay (tamin'ny fanandevozana ohatra araka ny didy tamin'ny Septembre 1896) mba hahafahana mampiasa azy malalaka amin'ny famokarana tombony ho an'ny fanjanahantany, ary noterena ny olona hampiasa vola amin'ny alàlan'ny fandoavan-ketra, « vililoha » na vidin-doha moa no niantsoana ny hetra isan-dahy tamin'ny faritra sasany, ary ara-bakiteny izany fa toa voavidy ny olona. Ny toekarena ankabobeny dia narindra mba hamelona ny any ivelany amin'izay notakian'ny tao zavabaventy frantsay. Toa izany koa, ny kolotsaina rehetra dia natodika amin'izay nokendrena izay. Sarotra kokoa anefa ny manova ny saina, tsy azo tanterahina maimaika ohatra iretsy ambaratonga roa teo aloha. Koa momba ny fomban-drazana : nofoanana ny Fandroana teto Imerina, natao isaky ny folo taona sisa ny Fitampohan'ny Sakalava, ny lanonam-be namoriana vahoaka toy ny Sambatra dia nampanginina... Izany hoe ireo fomba lehibe tokony hivoatra ary hitondra ny olona any amin'ny fahatsiarovan-tena ho ao anatin'ny Firenena iray, dia nosakanana ka noferana hijanona eo anivon'ny fianakaviana na foko kely madinika ihany. Raha fehezina, ilay maha fiarahamonina ny fiarahamonina mihitsy no noeza hina novaina tanteraka ary tao anatin'ny fotoana fohy. Ary ny politikan'ny fanjanahantany frantsay dia ny hamonoana ny fahatsiarovan-tenan'ny olona nozanahiny, fa hanahafany azy mpanjanaka amin'ny lafiny rehetra.

Sarotra ho an'ny Malagasy izay mbola niaina tao amin'ny rafitra niankina tamin'ny mpanjaka, mbamin'ny fisainana rehetra mifamatotra amin'izany ary no niova vetivety. Ny mpanjaka taloha dia noheverina ho masina, Andriamanitra mihitsy aza izy. Ranavalona III anefa, nalefan'ny mpanjanatany frantsay sesitany tampoka, ka tahaka ny notapahin-doha ny olona tamin'izay, very andry niankinana. Tsy ny mpitondra sy ny fitondrana fotsiny ihany no niova tamin'ny fanjanahantany, fa ny fiarahamonina manontolo, hatramin'ny fivelomana andavanandro. Isan'ny manahirana ny Malagasy hatramin'izao ny fiheverana ny Vola; ny fiftandraisany amin'ny asa sy ny fampitomboana azy. Tsy hay ny mampiasa vola noho izy tsy niaraka tamin'ny fivoarana miandalan'ny fiarahamonina, fa natao tery vay manta ka tsy nananan'ny olona fotoana hanazarana ny fisainana aminy, sahala amin'izay niseho ohatra tany Europa : nitombo tsikelikely an-jatony taona ny kapitalisma, vao tonga tamin'ny fahamasahany taty amin'ny taon-

jato faha-18 araka namoaboasan-dry Adam Smith azy hoe ny fahalahana amin'ny toekarena na libéralisme économique.

Hany ka ny olona tao anatin'io fiarahamonin'ny fanjanahantany io, dia nahatsiaro tena ho tsy teo amin'ny toerana tokony hisy azy. Toa novaina ho olon-kafa izy fa navily amin'ny lalana tsy tokony ho nalehany. Ny mpandinika ny tantaran'ny literatiora malagasy moa dia nametraka ilay vanim-potoana hoe « Mitady ny Very »³ teo antenantenan'ny fanjanahantany, manodidina ny taona 1930. Nahatsiaro ny mpanoratra malagasy fa very ny maha Malagasy, tsy hitany intsony izay maha izy azy, ka tokony hokarohina haingana hoy ry zareo, ary tokony haverina amin'ny laoniny.

Mbola tafapetraka ao amintsika izay toetra misy fangitakitahana anaty izay, hatramin'ny Fahaleovantena ka mandraka izao. Ary dia mahatonga ny sasany hiteny mandrakariva fa tsy Malagasy intsony isika ankehitriny, tsy manana ny mahaisika antsika, fa ny « taloha » na ny Ntaolo no tena Malagasy. Vokany : alaim-panahy ny olona hiverina foana amin'izay fotoana nahatapahan'ny fivoarana mahazatra ny fiarahamonina izay. Ka rehefa miteny hoe fomba malagasy, na ny Ntaolo, tamin'ny tany gasy, dia talohan'ny finoana kristiana izay, sy (indrindra) ny fanajanahantany. Ary dia heverina ho fotoana iray ihany izany (na dia naharitra an-jatony taona aza raha heverina fa efa talohan'ny taon-jato faha-10 ny razamben'ny Malagasy no efa teto Madagasikara), ka nitovy foana ny fisainana, ny fivelomana, ny fisampitondrana, ny fomba sy ny zava-drehetra fa tsy nisy fiovana. Indraindraina fatratra fa tamin'io vanim-potoanan'ny Ntalo malagasy io, dia nirindra tanteraka ny fiarahamonina, tsy nisy raorao, nanjakan'ny fihavanana sy ny fifankatiavana, ary nandry fahalemana ny ambanilanitra fa « Ny tain'omby mivadika aza hono tsy nisy naka » ! Toa Paradisa ny teto amin'ny Nosy, kanefa ny ohabolana fahiny ihany aza dia efa nampitandrina fa « ny jiafotsy tsy ialan-kasokaso, ny olombelona tsy ialan-dromoromo ». Manjary manonofy ny olona, manonofy ny vanim-potoana mbola nanjakan'ny foko sy ny fitondran'ny mpanjaka... Ary ny fomban-drazana izay foto-dresatsika eto dia raisina, amin'ny ankabobeny ho niainga tamin'io vanim-potoana efa lasa ela io, nefo mbola manana ny maha izy azy hoy ny olona, araka ny ny fitenin'ny mpamangy fahorianane hoe « fomban-drazana tsy hita izay maharatry azy ».

Raha fintinina izany, ny valin'ny fanontaniana eo amin'ity dingana faharoa ity manao hoe « Ahoana no fiheverana ny fomba amin'ny fiarahamonina malagasy ankehitriny ? » dia azo valiana fa, noho ny fidiran'ny zavatra avy any ivelany, ny finoana kristiana sy ny riba tandrefana, indrindra ny fanovana tampoka sy mahery vaika teo amin'ny fanjanahantany, dia toa mahatsiaro tena ho tsy tena malagasy ny olona. Ary dia heverina fa AO AMIN'NY FOMBAN-DRAZANA FAHINY NO MISY NY MAHA MALAGASY.

Raha izany ary ny zava-misy eo amin'ny fiarahamonina malagasy amin'izao fotoana izao, ny fiheveran'ny olona ny fomban-drazana, dia tonga indray kosa isika amin'ny fanontaniana farany manao hoe « Raha hampandroso ny firenena ankehitriny, ilaina ve ny fomban-drazana ? Hatao ahoana izy io ? ».

3. Ilaina amin'ny fampandrosoana ny firenena ve ny fomban-drazana ?

³ Jereo « Ny tantaran'ny Haisoratra malagasy » Ravoajanahary Charles

Araka ny nohadihadiana teo aloha, dia misy lesoka eo amin'ny fiarahanonina malagasy amin'izao fotoana izao. Ny fisainan'ny olona amin'ny ankabobeny dia tsy mifanaraka loatra amin'ny rafitra iainany sy ny toekarena ivelomany. Mbola manembona ny zavatra taloha, tsy hitan'ny maso ny sasany. Vokatry ny tantara dia misy ilay fangitakitahana anaty izay mitarika tsy fahatokisan-tena fa mijery ny hafa foana, miandry izay halaina tahaka fa tsy sahy mitarika. Tsy ampy izany na tsy misy firy ny famoronana, hany ka tsy mahavita zavatra lehibe misongadina ny olona, matahotra ny hanao zavatra miavaka izy fa mionona 'amin'ny mahazatra nanabezan'ny fiarahanonina azy ihany. Ny toekarena fehezin'ny fanatontoloana ankehitriny anefa dia mitaky toe-tsaina sahy mifaninana sy sahy mamoron-javatra. Ny fahatsiarovan-tena ho olom-pirenena raikitra adidy, mahalala tsara ny toerany sy ny andraikiny ao anatin'izany Firenena izany ihany koa dia mbola tsy tena matotra. Raha tsorina izany, ny maha olona sy ny maha olom-pirenena dia tsy tomombana, nefo fototra ilaina izany amin'ny fampandrosoana ny Firenena, satria ny olona ao anatin'no mampandroso ny Firenena, fa tsy ny mpitondra na sarangan'olom-bitsy fotsiny. Noho izany, tokony hohanterina izay fahatsiarovan-tenan'ny olona hanana ny maha izy azy. Ary fitaovana lehibe amin'izany ny fomban-drazana satria ao no neverin'ny olona ho misy ny maha malagasy azy araka ny hita tery ambony, ka tokony horaisina. Avela ny olona halalaka hanao ny fombany, fa tsy terena mivantana na amin'ny fomba an-kolaka. Ampahafantarina amin'ny fomba samihafa (haino aman-jery, boky aman-gazety, lalao...) koa ireny fomba isam-paritra ireny mba hifankahalan'ny Malagasy. Saingy mba asiana fandinhana sy fanazavana tsotra koa izy ireny mba hahafantaran'ny olona ny dikan'ny zavatra ataony ka hieritreretany. Matetika mantsy misy zavatra ataon'ny olona izay tsy fantany akory fa dia atao fotsiny noho ny fahazarana fa hoe fomba. Ambara koa fahamalinana anefa izany satria misy lesoka manakana ny fampandrosoana tokoa ny fombandrazana, raha tsy hilaza afa-tsy ny fotoana lany fotsiny ihany, izay mahatratra herintaona indraindray ny fanomanana azy toy ny famadihana, ny toalaza na famorana, sns, ary herinandro, iray volana na mihoatra aza ny fanatanterahana sahala amin'ny fiandrasam-paty amin'ny faritra sasany. Ambonin'izany ny fandaniana harena be sy ny fahasimban'ny fahasalamana na ny taranaka mihitsy, ohatra amin'ny fampisotroana toaka ny ankizy sy ny vehivavy.

Ny kendrena mantsy dia TSY NY FOMBA AMIN'NY MAHA FOMBA AZY FOTSINY NO AMPANDROSOANA, FA NY SAIN'NY OLONA MALAGASY manao ny fomba, mba hatoky tena izy ka ho afaka hivelatra ary hanatanteraka ny fampandrosoana ny Fireneny. Iezahana hialana ny nambaran-dry G. Althabe tany aloha hoe : ireny fiantsoana ny razana ireny dia nataon'ny olona mba handosirana ny fangejana manjo azy eo amin'ny zava-misy iainany tao amin'ny fanjanahantany⁴. Fa ny tadiavina dia ny handehanan'ny olona amin'ny nahim-pony, hahaizany mandanjalanja ary mifaly amin'ny lanonana ataony, satria tsy hadinoina fa fialam-boly ny fomba sady fikoran'an'ny mpianakavy mifankahita ka manamafy ny fihavanana sy ny firaian-kina. Zava-dehibe eo amin'ny maha olona ny olona izany fa manentana sy mitondra aina vaovao eo amin'ny fiarahanonina.

Etsy andanin'izay kosa anefa dia mila fitandremana ihany koa ity fanomezan-danja sy famelomana ny fombandrazana ity. Tsy azo odian-tsy hita fa ny fomba dia nanaraka ny lôjikan'ny fiarahanonina niainany tamin'ny fotoanandrony. Nanohana ary natao mba hamelona ny ambaratongam-pahefana nisy ny fomba. Fitaovam-panabeazana lehibe izy io. Ary izany no antony nanafoanana na nanalefahan'ny

⁴ « Oppression et libération dans l'imaginaire » G. Althabe

mpanjanatany azy, satria manohitra ny rafitra sy ny fiarahanonina vaovao najorony. Ny Fandroana sy ny Pitampoha ohatra, dia nanamafisana ny rafitra nentin'ny mpanjaka, nanandratana ny maha lohan'ny foko na ny firazanana azy ireny, ny Andriana na ny Maroserana. Ary ireo fomba marobe hafa indray dia nanohana ny rafitra niainga tamin'ny taona, nentin'ny zokiolona, ary ninoana ny herin'ny Razana izay tsy inona akory fa ray aman-dreny ihany saingy efa maty. Ka eo no mampatahotra ny sokajin'olona sasany, indrindra ny Fiagonana Kristiana amin'ny famelomana ny fomban-drazana sy ny fanindraindrana azy loatra ho kolotsaina malagasy mampiavaka antsika. Sao dia manamafy izay mbola tavela na mampiverina ny olona amin'ny finoana sy ny fainana taloha indray izany. Tsy azo lavina tokoa mantsy fa nitaizana ny olona ho olon'ny foko ireny fomba talohan'ny fanjanahantany ireny, kanefa isika ankehitriny dia mitady « olom-pirenena ». Ka eo no ilana fahamalinana fatratra mba tsy hahatonga fihemoran'ny fisainana na fisaratsarahana indray, ka mifanohitra amin'ny fampandrosoana kendrena ny vokatra azo.

Azo sorohina ihany anefa izany. Saratra ny manova mivantana ny fisainan'ny olona. Na ny fanjanahantany nandritra ny 60 taona mahery aza tsy nahavita nanapotika tanteraka ny maha olona ny Malagasy sy ny fahatsiarovan-tenany. Ary porofon'izany ny fanontaniana sy ny fitadiavana hoe hiverina amin'ny maha malagasy foana, hatramin'izay ka hatramin'izao. Maneho izany fa tsy nanaiky ny faneren'ny vahiny hanaraka azy tanteraka ny Malagasy. Fa na inona na inona fampandrosoana tiana hatao eo amin'ny Firenena dia tsy maintsy ampiarahana ireo ambaratonga telon'ny Fiarahanonina voalaza tary aloha : ny Tontolon'ny Hevitra, ny Tontolon'ny Rafitra samihafa ary ny Tontolon'ny Famokarana. Fitaovam-panabeazana iray ihany ny fomba, ka tsy azo avahana amin'ny fampivelarana ireo rafipanabeazana hafa toy ny Sekoly, ny Fiagonana sns... Mifamatotra koa izy amin'ny fanavaozana ny rafipitondrana sy fahefana isan-karazany (ohatra amin'ny maro, ny fitsinjarana ny Faritany tsy atao miakina amin'ny foko...). Ary tsy hahomby velively ireo raha tsy miara-mandroso aminy ny toekarena, ny fandraharahana isan-karazany ka mihotsara ny fiveloman'ny olona. Rehefa manana fivelomana mba antonona azy ny olona ary mahazo fahaizana amam-pahalalana ahafahany mandinika ny hishezany ny manodidina azy, dia izy ihany no hanavaka ny fomba izay hitany fa tsy mety na tsy mifanandrify intsony amin'ny fainany.

Koa amin'izao androntsika izao, tsy tokony hankinina amin'ny Fanjakana ny famelomana na fanafoanana mivantana ny fomban-drazana. Mety hitarika fanoherana izany na fanohanana imaso fotsiny ka na ho ela na ho haingana dia hampisy korontana. Ny fivoaran'ny fiarahanonina sy ny olona ao anatin'ny ihany no manao izany. Fa ny andrasana amin'ny tomponandraikitry ny Kolotsaina dia ny hanomezana sehatra sy fitaovana hampivelarana ny olona ny maha izy azy sahala amin ny fombandrazany. Ary hamafisina ny fikarohana sy ny fampianarana azy ireny any an-tsekoly. Fa ny tsy azo avela amin'izay dia ampiarahana, harindra miaraka aminy ny fanitsiana sy fanavaozana ireo rafitra sy fomba famokarana manohana azy ao anatin'ireo ambaratongan'ny fiarahanonina. Ohatra iray lehibe amin'izany, dia ny tavy amin'ny faritra atsinanana. Fomban-drazana io, mahakasika ny ambaratonga telon'ny fiarahanonina : hita ao aloha ny famokarana ny vary hohanina, maneho koa anefa izy ny rafi-pifehezana izay miakina amin'ny fizokiana (ny ray aman-dreny hâtrany no mitarika ny raharaha rehetra). Ary farany, manandratra ny fisainana ny fiombonana sy ny finoana ny razana koa ny tavy amin'ny alalan'ireo sorona samihafa tsy maintsy atao isaky ny dingam-piasana, fa tsy an'olon-drery ny tavy. Ka diso lâlana ireo manahaka ny fisainana vahiny ka miainga amin'ny fiheverana ny tavy ho toy ny fomba famokarana ihany, tsy manome tombony firy sady manimba ny tontolo iainana, ka tokony hofongorana. Fomban-drazana io ary isan'ny fahatsiarovan-

tenan'ny olona ho manana ny maha izy azy eo anatrehan'ny hafa⁵. Koa tsy anantenana fahombiazana ny miady aminy mivantana amin'ny fanaovana lalàna henjana fotsiny sy ny fanentanana misavoana, toy ny fahita matetika mba hanambatambazana ny mpamatsy vola amin'ny fiarovana ny tontolo iainana.

Ny zava-misy, ny fandehan'ny fiarahamonina ihany no tena mamelona ny fomba ary manova na mamono azy. Azo raisina ohatra ihany koa ny amin'ny fanambadiana. Raha ny tetra Imerina tetra Antananarivo fotsiny no zoina, dia nisy fiovana matetika ny fomba nanaovan'ny olona azy. Tany antenantenan'ny taon-rehefa manaiky ny ray aman-dreny, ary dia izay vao mandeha ny fifanekena rehetra satria fifanekena-fifanarahen'ny fianakaviana roa tonta moa ny fanambadiana fa tsy an'olon-droa fotsiny tsy akory. Aty amin'ny fihafaran'ny faha-20 anefa dia any amin'ny farany vao nampidirina indray ny vehivavy. Sahala amin'izany koa, taloha dia ny fischoana sy ny fanateram-bodiondry no tena fanambadiana. Dia nitombo tsikelikely izany, niampy ny mariazy tany am-piangonana, ny Soratra tany amin'ny biraom-panjakana, ny fifamofoana na *fiançailles*, ary amin'izao fotoana izao dia atao indray andro ny vodiondry, soratra ary mariazy any am-piangonana. Izany hoe nolohin'ny olona ny fisainana malagasy taloha sy ny an'ny rafitra vaovao taty aoriania takian'ny Fiagonana sy ny Fanjakana.

Ary ny zavatra mitranga koa dia mifanambady ny olona samihafa fiaviana na foko, noho ny fifaneraserana izay baikon'ny rafi-panabeazana sy ny toekarena, ny fifindran-toerana, sns. Ary ny fomba hatao amin'ireny dia izay hifanarahana ihany, mifandamina ny fianakaviana roa tonta hoe izao no hatao, fa tsy misy lalàna matotra izany. Tsy misy ny hoe fomban'ny Betsileo, fomban'ny Merina, fomban'ny Betsimisaraka,... fa mifandray ho azy ireo. Ny olona ao amin'ny fiarahamonina no tompony, mitondra azy araka izay tiany.

Fehiny

Endriky ny fiarahamonina ny fomba ankapobeny sy ny fomban-drazana manokana. Mifamatotra amin'ireo ambaratongan'ny Tontolon'ny Hevitra, ny Tontolon'ny Rafitra samihafa ary ny Famokarana izy, ka manaraka ny fivoaran'ireo ihany koa. Ilaina ny fampivelarana ny fomban-drazana ankehitriny satria mampahatsiaro tena ny olona ho Malagasy ary ahafahanay matoky tena. Takian'ny fampandrosoana mantsy io fahatsiarovantenan'ny olona ao anatin'ny Firenena io mba hitondra amin'ny firaisan-kina, ary ilaina ny fahasahiana miasa sy mamorona amin'izao fotoan'ny fanatontoloana izao. Koa tsy ny fomban-drazana fahiny ihany akory no fomba malagasy fa ny fisehony ankehitriny sy amin'ny ho avy koa araka izay hamolahan'ny Malagasy azy. Tsy ny fombandrazana jvelany, izay mety hiova na ho levona mihitsy aza, no maha Malagasy fa ny fisainana ao anatiny. Fitaovana hanatrarana ny maha Malagasy ihany ny fombandrazana, fa manampy azy amin'izany indrindra ny "teny malagasy"izay hery voajanahary ahafahan'ny Malagasy mampandroso ny tenany. Tsy afa-mandeha irery anefa ny kolotsaina amin'ny fampandrosoana, fa tsy maintsy miara-mamindra, ary manohana sady tohanan'ireo ambaratonga hafa maha fiarahamonina ny fiarahamonina izy. Raha tsy izany dia mandringa ihany, raha hisy, izay lazaina ho fampandrosoana, fa tsy maintsy mahakasika ny olona tsirairay sy manontolo izany.

⁵ Jereo « Lé tavy, un aspect de l'identité culturelle malgache » Razafiarivony Michel

⁶ Jereo *Fomban-drazana malagasy*, Cousins & Randzavola

Nanovozan-Kevitra

- ALTHABE G, 1982.- Oppression et libération dans l'imaginaire : Les communautés villageoises de la côte orientale de Madagascar.- Paris : Maspero, 357 p.
- COUSINS & RANDZAVOLA, 1963 (1931).- Fomba malagasy.- Antananarivo : Trano Printy Imarivolanitra, 207p
- RANDRIANAH 2000.- « Ny Renihira amin'ny Hira Gasy, mpitondra hafatry ny fiarahamonina », Mémoire de Maîtrise en littérature Malgache, Département des Langue et Lettres Malgaches – Fac. des Lettres et Sciences Humaines Antananarivo, 144 p.
- RASAMUEL M., 1986.- Kabary am-panambadiana sy amin'ny fanasana, 9è Ed.- Antananarivo : Trano Printy FJKM Imarivolanitra, 74p
- RAVOAJANAHARY Ch., 1973.- Tantaran'ny Haisoratra Malagasy.- Antananarivo : STELARIM, , Roneo
- RAZAFIARIVONY M, 1995.- *Société et Littérature orale betsimsaraka d'Anosibe an'ala : Pauvreté matérielle et richesses culturelles*.- Paris : Institut National des Langues et Civilisations Orientales, tome I, 477p. (Thèse de Doctorat Nouveau Régime)
- RAZAFIARIVONY M, 1995.- « Le tavy, un aspect de l'identité culturelle malgache en question » in *Cultures of Madagascar, Ebb and Flow of Influences* by S.Evers & M.Spindler, Leiden : IIAS, 237-24
- RAZAFIARIVONY M, 1984.- Harivolana sy fanabeazana ao amin'ny fiarahamonina ambanivohitra Masikoro ankehitriny.- Antananarivo : EESDEGS (Mémoire de Maîtrise en Sociologie)
- RAISON-JOURDE F, 1991.- Bible et Pouvoir à Madagascar au XIXe siècle